

**V.4. ORDONNANCE n°74-021
du 20 juin 1974**

portant refonte de l'ordonnance n° 62-110 du 1^{er} octobre 1962 sanctionnant l'abus de droit de propriété et prononçant le transfert à l'Etat des propriétés non exploitées (J.O. n° 996 du 22.6.74, p. 1682, Edition spéciale)

**TITRE PREMIER :
DISPOSITIONS GENERALES.**

Article premier. – Tout propriétaire est tenu de mettre en exploitation, d'entretenir et d'utiliser les terres qu'il possède.

Art. 2. – S'il ne s'est pas conformé aux obligations ci-dessus il y aura abus de droit de propriété et il sera fait application de la présente ordonnance aussi bien aux terrains ruraux qu'aux terrains urbains appropriés sous quelque statut juridique que ce soit et ce, nonobstant toutes dispositions législatives contraires.

Sont considérés comme terrains urbains au sens de la présente ordonnance :

- les terrains situés dans les périmètres des communes urbaines ;
- les terrains situés dans toutes autres agglomérations dont la population excède 3.000 habitants ;
- les terrains situés dans les périmètres urbains des chefs-lieux de sous-préfecture.

DES TERRAINS RURAUX.

Art. 3. – Lorsqu'il sera établi qu'une propriété rurale d'une superficie supérieure à cinq hectares n'a pas été, depuis cinq ans au jour de la constatation, exploitée personnellement ou à leurs frais, soit par le propriétaire, soit par ses ayants droit, cette propriété sera transférée en toute propriété à l'Etat, quelle que soit sa consistance.

Art. 4. – Sont notamment considérées comme exploitées au sens de la présente ordonnance :

- les terres mises en cultures ou reboisées dans les conditions normales d'entretien ou d'exploitation permanents ou amé-nagées en site touristique ;
- les terres aménagées, au moins sur les deux tiers de leur superficie, pour

**V.4. HITSIVOLANA n° 74-021
tamin'ny 20 Jona 1974**

anavaozana tanteraka ny hitsivolana laharana faha- 62-110 tamin'ny 1 oktobra 1962 amaizana ny fanamparana ny zo fizakampananana sy andidiana ny hamindrana amin'ny Fanjakana ny tany tsy nomaintisimolaly (*Idem*)

**FIZARANA VOALOHANY :
FEPETRA ANKAPOBENY.**

Andininy voalohany. – Rehefa tompon-tany dia tsy maintsy manamaintimolaly azy, mikarakara ary mampiasa izay tany ananany.

And. 2. – Raha tsy narahina ireo fepetra voalaza etsy ambony ireo dia izay no fanamparana ny zo fizakana ny fananan'ny tena ka dia nampiharina ity hitsivolana ity momba ny tany, na an-tsaha izany na an-tan-an-dehibe, na toy inona na toy inona fomba fizakana azy eo anatrehan'ny lalàna, ary na dia misy rijan-tenindalàna mifanohitra amin'izany aza.

Ireto avy no neverina ho tany an-tan-an-dehibe araka ny filazan' ity hitsivolana ity azy :

- ny tany tafiditra ao anatin'ny farity ny kaominina ambonivohitra ;
- ny tany tafiditra ao amin'izany tanàna hafa rehetra ka mihoatra ny 3.000 ny mponina ao aminy ;
- ny tany tafiditra ao anatin'ny farity ny tanàn-dehibe misy ny foiben'ny vakim-pileovana.

IREO TANY ENY AMBANIVOHITRA.

And. 3. – Rahefa tonga ny andro hitsirihana ny tany, ka hita marina fa misy velaran-tany eny ambanivohitra mihoatra ny dimy hekitara ny habeny, nefo hatramin' ny dimy taona izy tompon'izany dia lasa fananan'ny Fanjakana madiodio izany tany izany, na toy inona na toy inona toetrary.

And. 4. – Ireto indrindra no neverina ho tany maintimolaly araka ny filazan'ity hitsivolana ity azy :

- izay tany voavoly, na nam- bolen-kazo ka voakolokolo araka ny tokony ho izy no voatrandraka hatrany, na voavoatra ho toeram-pitsanga-tsanganana ankatoavin'ny Sampana momba ny fizahan-tany;
- izay tavy voakarakara hasiana voly vaovao, ka

- recevoir des plantations nouvelles ;
- les jachères pratiquées conformément aux usages des lieux et respectant la durée normale des rotations ou assolements correspondant à chaque genre de culture pratiquée.

DES TERRAINS URBAINS.

Art. 5. – Lorsqu'il sera établi qu'une propriété urbaine d'une superficie supérieure à mille mètres carrés n'a pas été, depuis cinq ans au jour de la constitution, exploitée personnellement ou à leurs frais, soit par le propriétaire, soit par ses ayants droit, cette propriété sera transférée en toute propriété à l'Etat.

Art. 6. – Sont notamment considérés comme exploités :

- les propriétés comportant une ou des constructions ou un aménagement d'espace vert ou de viabilisation en vue d'une construction ;
- les terrains même non bâties mais assainis ou reboisés au frais du propriétaire ou comportant des aménagements durables ;
- les propriétés aménagées aux frais du propriétaire en vue de la vente par lots en vertu d'une autorisation administrative régulière ;
- les espaces attenant aux maisons d'habitation quelle que soit leur superficie, s'ils sont aménagés en pelouse, jardins potagers, vergers, jardins d'agrément ou reboisés.

TITRE II : PROCEDURE DE TRANSFERT ET COMPETENCE.

Art. 7. – A la diligence du sous-préfet, il sera procédé pour chaque sous-préfecture, par des fonctionnaires de l'Administration générale en liaison avec le service des domaines, à un recensement des propriétés immatriculées ou cadastrées ou en cours d'immatriculation ou de cadastrage d'une superficie supérieure à cinq hectares, pour les terrains ruraux, et supérieure à mille mètres carrés, pour les terrains urbains.

- fara-fahakeliny ny androatokon'ny velarany no vita amin'izany ;
- izany tany kota navela ho tany vao, mandritra ny fotoana to- kony hifandimbiasan'ny voly sy hanatsarana ny nofon-tany, arakarak'izay fomban-tany.

IREO TANY AN-TANAN-DEHIBE.

And. 5. – Rahefa tonga ny andro hitsirhana ny tany, ka hita marina fa misy velaran-tany antanàn-dehibe mihoatra ny arivo metatra tsimivadimandry ny habeny, nefo hatramin'ny dimy taona, izy tompony na ny mpan-dova tsy nanamaintimomaly azy mivantana na niala vola tamin' izany, dia lasa fananan'ny Fanjakana madiodio izany tany izany.

And. 6. – Ireto indrindra no heverina ho tany maintimolaly :

- ireo tany nanorenana trano iray na maromaro, na nasiana voly milenodenoka na namboarina mba ho azo hanorenana ;
- ireo tokontany na dia tsy nanorenan-trano aza nefo voara- vona tsara na nambolen-kazo ka nialan'ny volan'izy tompony na nasiany fanamboarana mateza ;
- ireo tany nialan'ny volan'izy tompony ny fikarakarana azy mba hotsinjarainy hamidy ka nahazoan-dàlana tamin'ny Fanjakana ;
- ireo tokontany sinava mifanolatra amin'ny trano fonenana, na ohattrinona na ohattrinona habeny, raha toa voavoatra asiana ahi-maitso na tanin' anana, na voavoly hazo fihinam-boa, na atao zaridaina firiajavana na voavoly hazo.

FIZARANA II : FOMBA VOADIDY AMIN'NY FAMINDRANA NY ZO FIZAKAM-PANANANA SY NY FAHEFANA AMIN'IZANY.

And. 7. – Ny lehiben'ny vakim-pileovana no haindraikitra ny fikarakarana, ka isaky ny vakim-pileo-vana dia hisy mpiasam-panjakana avy amin'ny Fitondran-draharahan' ny fananan-tany amin' ny fanaovana lisitra ny tany vita baorina na vita kadasitra na tany eo am-panaovana baorina na kada- sitra ka mihoatra ny dimy hekitara ny velarany, raha eny ambanivo- hitra ny tany, ary izay mihoatra ny arivo metatra tsimivadimandry raha eny an-tanàn-dehibe.

La liste des terres appropriées selon le droit coutumier sera établie selon les indications du président du comité du Fokontany ou du maire intéressé en liaison avec le Service des Contributions directes qui effectue les vérifications nécessaires.

Art. 8. – La vérification de l'état d'exploitation des propriétés visées à l'article précédent est effectuée par une commission composée :

TERRAINS RURAUX.

Président :

- du sous-préfet ou son adjoint ;

Membres :

- d'un fonctionnaire du ministère chargé de l'Agriculture ;
- du ou des présidents de chaque comité de Fokontany de la situation de la propriété ou d'un conseiller désigné par eux ;
- d'un membre de chaque *Fokonolona* concerné.

Lorsque la propriété s'étend sur deux ou plusieurs sous-préfectures les sous-préfets intéressés en avisent le Préfet qui préside la commission ou en désigne le président.

Si elle s'étend sur deux ou plusieurs préfectures, le Chef de Province désignera le président. Dans les autres cas, le président est désigné par le Ministre de l'Intérieur.

TERRAINS URBAINS.

Président : du sous-préfet ou son adjoint (pour Tananarive, du préfet ou son adjoint) ;

Membres :

- d'un fonctionnaire du ministère chargé de l'Habitat et de l'Urbanisme ;
- du président du conseil des Firaism-pokonolona de la situation de la propriété ou son représentant, ou du maire ou son représentant ;

Ny fanovana lisitra ny tany ana-nana amin'ny maha-tanindrazana na sola-pangady azy dia hampana-rahina izay ho tondroin'ny filohan' ny Komitim-pokontany na ny ben' ny tanàna voakasik'izany, miaraka amin'ny sampan-draharahan'ny hetra miditra raola izy hisahana ny fanamarinana ilain-katao.

And. 8. – Ny fanamarinana fa maintimolaly ireo tany voatondron' io andininy etsy aloha io dia komity iray misy ireto olona ireto no hisahana azy :

MOMBA NY TANY ENY AMBANIVOHITRA.

Filoha :

- ny lehiben'ny vakim-pileovana na ny lefiny ;

Mambra :

- mpiasam-panjakana iray avy amin'ny ministera miadidy ny fambolena ;
- filohan'ny komity iray na maro-maro isaky ny Fokontany any amin'ny toerana misy ny tany na mpanolotsaina iray noten-dren'izy ireo ;
- mambra iray avy amin'izay Fokonolona voakasik'izany.

Raha toa voafoaka ao anatin'ny vakim-pileovana roa na maromaro ilay tany, dia ampandrenesin'ireo lehiben'ny vakim-pileovana ireo ny lehiben'ny fileovana ka izy no ho filohan'ny komity amin'izany na manendry izay ho filohany.

Raha voafoaka ao anatin'ny farity ny fileovana roa na maro- maro ilay tany, dia ny filoham-paritany no hanendry izay ho filohan'ny komity. Raha hafa noho izany ny toe-javatra, dia ny Minisitry ny Atitany no hanendry izay ho filohan'ny komity.

MOMBA NY TANY AN-TANAN-DEHIBE.

Filoha :

- ny lehiben'ny vakim-pileovana na ny lefiny, (ho an'Antanana-rivo-ambanivohitra dia ny lehiben'ny fileovana na ny lefiny) ;

Mambra :

- mpiasam-panjakana iray avy amin'ny ministera miandraikitra ny fonefana sy ny fanatsarana ny tanàna ;
- ny filohan'ny filankevitry ny firaism-pokonolona any amin' izany toerana misy ny tany na ny solontenany, na ny ben'ny tanàna na ny solontenany ;
- mpanolon-tsaina iray avy amin' ny filan-kevitry

- d'un membre du conseil des Firaism-pokonolona ou d'un conseiller municipal ;
- d'un membre de chaque Fokonolona concerné.

Cette commission est assistée d'un opérateur du Service Topographique ou du Service des Travaux Publics.

Elle se réunit sur convocation de son président et peut se faire assister de toute personne dont elle juge le concours utile.

Art. 9. – Les opérations de constatation sont effectuées systématiquement et commencent, par ordre décroissant, par les plus grandes superficies portées sur les listes. Toutefois, les autres propriétés desdites listes, situées dans la même localité devront être visitées et vérifiées au cours du même déplacement.

Art. 10. – La Commission, munie d'un plan de la propriété que le président se fera délivrer sans frais par le service topographique, se transporte sur les lieux et procède à la constatation de l'état d'exploitation de l'immeuble, en présence comme en l'absence du propriétaire ou de son représentant dûment convoqué par lettre recommandée avec accusé de réception ou par la voie administrative, un mois avant la date à laquelle la Commission doit procéder à la visite des lieux.

Elle dresse un procès-verbal circonstancié de ses constatations et indique d'une façon expresse si la propriété est ou non exploitée, en totalité ou en partie et si le transfert à l'Etat doit être prononcé pour tout ou partie de la propriété.

Si le transfert est proposé pour partie seulement, la commission délimite cette partie sur le plan.

Elle peut également proposer la destination susceptible d'être donnée à la propriété à transférer.

Art. 11. – Le procès-verbal de la commission comportant les observations éventuelles du propriétaire, ainsi que le plan annexé si l'exploitation est reconnue partielle, doivent être signés de tous les membres de la commission et du propriétaire ou de son représentant, après

- ny firaism-pokonolona na anankiray amin' ny mpanolotsainan-tanàna ;
- mambra iray avy amin'izay Fokonolona voakasik'izany.

Izany komity izany dia ampiant'ny opérateur iray avy amin' ny sampan-draharaha mpandrefy tany na avy amin'ny Sampan-draharahan'ny asa vaventy.

Araka ny fiantsoan'ny filohany no ivorian'io komity io, ary azony asaina manampy azy izay olona heveriny fa ilaina.

And. 9. – Atao maty paika tsy misy avakavaka ny fitsoahana ny tany ka amin'izay tany be velarana indrindra voatondro amin'ny lisitra no hanombohana azy vao man- kany amin'izay kelikely kokoa. Nefa ny tany hafa voatondro ao amin' izany lisitra izany ka miray toerana aminy, dia tsy maintsy tsirihaina sy indray hamarinina amin' izany fotoana izany ihany koa.

And. 10. – Ampombaina ny komity ny planina momba ny tany ka ny filoha no hampaka izany, nefy tsy ialam-bola, amin' ny sampan-draharaha mpandrefy tany, ary dia hivantana eny an-toerana izy ireo mba hizaha fototra ny famaintisamolaly ny tany, ka hatrehina na tsy hatrehin'ny tompony ihany na ny solontenany, rehefa nandefasana taratasy tsy very mandeha nampiantsoana azy izy sady asiana ny filazana ny naharaisana ny taratasy na nampandrenesin'ny mpanao fanjakana iray volana alohan'ny vaninandro tsy maintsy hitsidihan'ny komity ny toerana.

Raiketiny an-tsoratra ny antsipirhan'izany zavatra hitan'ny komity ary tondroiny mazava tsara na maintimolaly ilay tany na tsia, na izy manontolo na ny ampahany ihany, ary raha toa tsy maintsy ho didiana hafindra amin'ny Fanjakana ny fizakana azy manontolo na ny sasany ihany.

Raha ny ampahany ihany no asaina, hafindra amin'ny Fanja- kana, dia faritan'ny komity ao amin'ny sarintany izany ampahany izany.

Azon'ny komity atao koa ny mamosa-kevitra amin'izay tokony hampiasana izany tany afindra amin'ny Fanjakana izany.

And. 11. – Iny fitanan-tsoratra vitan'ny komity iny no asiana izay fitenenana ataon'ny tompony ary ampombaina planina natovona azy raha hita fa ny ampahany ihany no maintimolaly, ary dia tsy maintsy soniavin'izy rehetra mambra ao amin'ny komity sy ny tompon'ny tany na ny solontenany

lecture et éventuellement traduction en celles des langues malagasy et française que comprend l'intéressé. Mention de l'accomplissement de ces formalités sera faite au procès-verbal.

Art. 12. – Si le propriétaire n'est pas présent ou représenté, un extrait du procès-verbal portant indication des superficies exploitées et des propositions de la Commission sera affiché sur les lieux et notifié au propriétaire, à domicile ou à parquet si l'adresse est inconnue.

Art. 13. – Ces formalités d'affichage et de notification rendent la procédure contradictoire vis-à-vis du propriétaire à l'expiration d'un délai de deux mois suivant leur accomplissement. Ce délai est prorogé de un mois si le propriétaire est absent du territoire.

Art. 14. – Le président de la commission adresse le procès-verbal et tout le dossier un chef de la circonscription domaniale et foncière compétent qui, après vérification de la régularité de la procédure, les transmet avec ses observations et le cas échéant d'un projet d'acte de transfert à l'autorité chargée de se prononcer.

Art. 15. – Le transfert à l'Etat des propriétés non exploitées est décidé par arrêté du Ministre chargé des domaines pour les terrains ruraux n'excédant pas cent hectares, et par décret pris en conseil des Ministres pour les terrains urbains et les terrains ruraux d'une superficie supérieure à cent hectares.

Dans tous les cas l'acte de transfert peut indiquer, s'il y a lieu, la destination de l'immeuble transféré.

TITRE III : VOIE DE RECOURS.

Art. 16. – L'acte de transfert, notifié dans les conditions de l'article 12 ci-dessus, est

rehefa novakina taminy, ary raha ilaina, rehefa adika amin'izay teny fantatr'ilay olona na amin'ny teny malagasy na amin'ny teny frantsay. Hambara ao amin'ny fitanan-tsoratra fa tontosa avokoa izany fomba voaididy harahina izany.

And. 12. – Raha toa tsy atrehin'ny tompon'ny tany na ny solontenany ny raharaha dia atao peta-drindrina eo an-toerana ny taratasy nalaina tamin'ny fitanan-tsoratra manondro ny haben'ny tany nomaintisamolaly sy ny hevitra narooson'ny komisiona ary ampahalalaina ny tompon'ny tany any amin'izay fonenany misy azy na amin'ny fampanoavana ny lalàna raha toa tsy fantatra ny adiresiny.

And. 13. – Izany fomba voa-didy harahina momba ny fanaovana peta-drindrina sy ny fampahafantarana izany no mahatonga ny raharaha ho nifanatrehana tamin'ny tompony rehefa dila roa volana ny nahavitana izany. Hitarina iray volana ny fe-potoana raha tsy eto amin'ny tanin'ny Repoblika ny tompony .

And. 14. – Avantanin'ny filohan'ny komity amin'ny lehiben'ny komity amin'ny lehiben'ny fari-piadiana ny fananan-tany sy ny fizakam-pananana tandrifin'izany ny fitanan-tsoratra sy ny antontantarasy manontolo ka rehefa namarinin'io ny maha-ara-dalàna ny fomba narahina dia ampitaina amin'izay manam-pahefana hanapaka izany miaraka amin'ny fitenenana ataony sy ny famolavolana ny sora-pamindrana ny fizakana azy raha toa sendra misy izany.

And. 15. – Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fananan-tany no manapaka fa afindra amin'ny fanjakana ny fizakana ny tany sy nomaintisimolaly raha eny ambanivohitra no misy ilay tany ka tsy mihoatra ny zato hekitara, ary didim-panjakana atao eo am-pivorian'ny Minisitra, raha eny an-tanàn-dehibe no misy ny tany na eny ambanivohitra saingy mihoatra ny zato hekitara ny velarany.

Na manao ahoana na manao ahoana dia azo tondrina amin'izany sora-pamindrana ny fizakana ny tany izany, raha ilaina, ny hampiasana azy rehefa tafafindra.

FIZARANA III : FAMPAKARANA FITSARANA.

And. 16. – Ny sora-pamindrana eny fizakana ny tany, rehefa nampafantarina araka ireo fepetra

susceptible de recours devant la juridiction administrative.

TITRE IV : DISPOSITIONS DIVERSES.

Art. 17. – Si une propriété visée par la présente ordonnance a fait l'objet d'une cession totale ou partielle suivant acte ayant date certaine avant la parution du présent texte, le nouvel acquéreur dispose, pour la mise en exploitation de la portion ainsi acquise, d'un délai de cinq ans à partir de son acte d'acquisition.

Pendant ce délai, la propriété reste immobilisée par suite de l'inscription au titre du procès-verbal de la commission. Le nouvel acquéreur ne pourra la céder à nouveau tant que la mise en valeur n'en aura pas été dûment constatée.

En outre, les mutations à titre onéreux ou à titre gratuit entre vifs de propriétés visées par la présente ordonnance et faisant l'objet d'actes établis après la parution de celle-ci ne deviendront définitives qu'après l'accomplissement de toute la procédure fixée par le présent texte.

Art. 18. – L'acte de transfert est publié au *Journal officiel* et notifié par le chef de la circonscription domaniale et foncière, par lettre recommandée ou par voie administrative au propriétaire déchu et à tous les titulaires de droits réels inscrits.

Si les adresses des intéressés sont inconnues, il sera procédé à la notification à parquet de l'acte de transfert.

Une copie de l'acte est également adressée par la voie administrative pour affichage, au président du comité du Fokontany ou au maire de la commune de la situation des biens.

Art. 19. – Le transfert est inscrit d'office et sans frais sur les livres fonciers ou cadastraux par le conservateur de la propriété foncière qui provoquera auprès du service topographique, s'il y a lieu, la distraction par voie de morcellement de la portion revenant à l'Etat.

S'il s'agit de terrain non immatriculé ni cadastré, le chef de la circonscription domaniale et foncière dépose une

voalazan'io andininhy faha-12 etsy ambony io dia azo akarina ho tsaraina eo antrehan'ny manampahefana mpitsara ny raharaha-panjakana.

FIZARANA IV : FEPETRA SAMIHAFA.

And. 17. – Raha misy tany iharan'ity hitsivolana ity nefy namidin'ny tompony avokoa na ny ampahany ihany arak'izay sora-panekena mitondra ny vaninandro azo antoka tsara fa vita talohan'ny nivoahan'izao hitsivolana izao dia dimy taona manomboka amin'ny sora-panekena nahazoany iny tany iny no fe-potoana ho an'izay nahalasa azy indray mba hanamaintisamolaly ny zara-tany izay novidiany.

Mandritra izany fe-potoana izany dia tsy azo amidy na atakalo ilay tany noho izy voaray ao amin' ny fitanan-tsoratry ny komity. Tsy azon'ilay nahalasa azy hamidy indray ny tany raha tsy efa hita fototra ara-dalàna ny fanamaintisamolaly azy.

Ankoatr'izany, ny fananana afindra tåñana daholo ny fifampivarotana na tolota ifanaovan'ny velona, izay tondroina amin'ny hitsivolana ity ka vita soratra taty aorian'ny namoahana azy, dia tsy lasa tena raikitra raha tsy efa tontosa avokoa ny fombafomba rehetra voaddirin'izao rijanteny izao.

And. 18. – Avoaka amin'ny *Gazetim-panjakana* ny sora-pamin-drana ny fizakana ny tany ary ny lehiben'ny fari-piadiciana ny fananan-tany sy ny fizakam-pananana no hampandre izany amin'ny alalan'ny taratasy tsy very mandeha na amin'ny alalan'ny mpanao fanja kana ny tompony verezin-jo amin' ny taniny sy amin'izay rehetra misoratra ho mizaka ny zony amin' izany fananana izany.

Raha tsy fantatra ny adiresin' ny olona voakasik'izany, dia ny fampanoavana ny lalàna no hampahafantarina ny sora-pamindrana ny fizakana ny tany.

Hisy kopian'izany sora-pamin-drana izany koa halefa amin'ny alalan'ny mpanao fanjakana mba hatao peta-drindrina, ho an'ny filohan'ny komitim-pokontany na ny ben'ny tanàna misy izany fana-nana izany.

And. 19. – Ny mpikajy ny fananan-tany no hanoratra avy hatrany ka tsy ialam-bola amin'ny boky fananan-tany na kadasitra ny sora-pamindrana ary dia izy no hampanao ny fanavahana izany sombin-tany lasan'ny Fanjakana izany, raha sendra izany, ao amin'ny sampana mpandrefy tany.

Raha tsy vita baorina na tsy vita kadasitra ny

réquisition d'immatriculation au nom de l'Etat.

Art. 20. – L'acte de transfert emporte radiation d'office des hypothèques et autres droits inscrits, en ce qui concerne la partie transférée, sans aucune indemnité de quelque nature que ce soit de la part de l'Etat pour les bénéficiaires de ces inscriptions, mais sans préjudice des actions qui leur restent réservées contre le propriétaire dont la carence a entraîné la mesure prise par l'Etat.

Ces hypothèques et droits inscrits sont éventuellement reportés sur les autres biens fonciers du propriétaire sur réquisition des créanciers.

Art. 21. – Le transfert de propriété à l'Etat dans les conditions prévues par la présente ordonnance, n'emporte pas extinction des impôts antérieurement exigibles y afférents lesquels seront recouvrés par le service des contributions directes au vu d'une ampliation de l'acte de transfert.

Art. 22. – Sauf indications contraires de l'acte de transfert, les propriétés transférées à l'Etat dans les conditions fixées par la présente ordonnance accroissent au domaine privé national.

Art. 23. – Tout métayer ou fermier, nonobstant toutes clauses contraires le liant au propriétaire, est investi, en cas de cession de la propriété, d'un droit de préemption.

Art. 24. – Quiconque aura volontairement fait ou mis obstacle, sous quelque forme et en quelque lieu que ce soient, à l'accomplissement de la tâche de la commission de constatation ou de ses membres sera puni d'un emprisonnement de un mois à un an et d'une amende de 25.000 à 250.000 FMG ou de l'une de ces deux peines seulement, sans préjudice de peine plus forte en cas de conviction d'autres infractions.

Art. 25. – Sont abrogées les dispositions de l'ordonnance n° 62-110 du 1^{er} octobre 1962 et les textes pris pour son application.

Art. 26. – Un décret fixera en tant que de besoin les modalités d'application de la présente ordonnance.

tany dia aroson'ny lehiben'ny fari-piandidiana ny fananan-tany sy ny fizakam-pananana ny fangatahana hanaovana baorina azy amin'ny anaran'ny fanjakana.

And. 20. – Araka ny sora-pamindrana ny fizakana ny tany dia maty avy hatrany ny anto-bola sy ny trova rehetra voasoratra amin'izay sombiny lasa ka tsy ahazoana onitra na inona na inona amin'ny Fanjakana ho an'izay tompony kanefa izany tsy misakana ny fahazoan'ireo mitory ny tompon'ny tany izay tsy niraharaha ka nahatonga ny Fanjakana haka azy.

Izany anto-bola sy trova misoratra momba ny tany izany dia mety hatolaka amin'izay fananamipetraka hafa an'ilay tompon'ny tany araka ny fitakiana ataon'ny tompon-trova.

And. 21. – Tsy manaoana izay hetran-tany tokony ho nefaina tany aloha ny famindrana ny fizakana azy amin'ny Fanjakana arak' izay fepetra voatondron'izao hitsi-volana izao ka ny sampan-draha-rahan'ny hetra miditra raola no hanao ny fitakiana ny hetra rehefa maharay ny taratasy soson'ilay sora-pamindrana.

And. 22. – Raha tsy misy fitenenana mifanohitra amin'izany ao amin'ny sora-pamindrana ny fizakana, ny tany nafindra ho zakain' ny fanjakana araka izao fepetra tondroin'izao hitsivolana izao dia mitambatra ho anisan'ny fananam-panjakana azo afindra tānana.

And. 23. – Ny mpanao ampahany na ny mpanoana ny tany, raha sendra amidy izany, no omena tombon-dahiny hividy azy alohan' ny hafa, na dia mifanohitra amin' izany aza ny fifanekena mamehy azy amin'ny tompony.

And. 24. – Na zovy na zovy nanao fanahy iniana ka nanakana na nibahana ny komisiona mpizaha fotra tsy hanantotosany ny asa ampanaorina azy, na manao ahoana na manao ahoana hisehoan'izany ary na iza na iza hitrangany, na mikasika ny mambra iray ao aminy, dia hosaziana an-tranomaizina iray volana kahatramin'ny herintaona ary ampandoavina sazivola 5.000 ka hatramin'ny 50.000 ariary na ny sazy iray amin'ireo ihany nefo izany tsy misakana ny sazy mafimafy kokoa raha vaky betroka ho nahavita fandikan-dalàna hafa koa.

And. 25. – Foanana ireo fe-petra voalazan'ny hitsivolana laha-rana faha-62-110 tamin'ny 1 oktobra 1962 ambin'ny rijan-tenin-dalàna natao hampiarana azy.

And. 26. – Hisy didim-panja-kana hametra arak'izay ilàna azy, ny fomba fampiharana ity hitsivolana ity.